# TETIKASA HO FAMPANDROSOANA SY FIAROVANA NY TANÀNAN'ANTANANARIVO




Ny PRODUIR dia tetikasa mikendry ny hanatsarana ny fari-piainana sy ny tontolo iainan'ny mponina eny amin'ny faritra marefo eto Antananarivo. Maharitra 5 taona ny fanatanterahana ny tetikasa PRODUIR izay nahazoana famatsiam-bola avy amin'ny Banky Iraisam-pirenena, ho fanohanana ity tetikasan'ny fanjakana malagasy ho fanatsaràna sy fiarovana ny tanànan'Antananarivo ity. Anisan'ny asa goavana ho tanterahan'ny tetikasa ny fanamboarana ireo lakan-drano, mba iarovana ireo faritra marefo amin'ny fiakaran'ny rano.

# Ho antsika monina sy miasa ety Iarinarivo

**Fantaro ny mahakasika ilay toerana handevenana ireo fotaka ao anatin'ny tetikasa PRODUIR**

## TOERAM-PANATOBIANA NY FOTAKA AVY AMIN NY LAKANDRANO C3




**Ahoana ny mahakasina an'io fanatobiana io ?**

- Fivelaran'ilay site na toerana ao anatin'ny fefy miaraka amin'ny toerana fanadiovana ny ranom-potaka sy ny fanampitobiana fiara ao anatiny : **4,66 ha**
- Fivelaran'ilay site ao antin'ilay fefy sy ny lalana novaina amin'ny faritra avaratra ary ny mariky ny fiarovana an'ilay site (2 metatra eo) : **4,95 ha**
- Hadiry ankapobeany : **119 500 m³**
- Hadiry anatiny : **115 200 m³**
- Haavon'ny digue amin'ny sisiny : **4 metatra**
- Fisolampy (pente) : **4,4%**

**Inona avy ireo dingana efa notanterahina ?**

• **11/06/2019** : Fanatontosana ny fanadihadiana commodo-incommodo (gazetim-panjakana laharana 3900 tamin'ny 15 jolay 2019 pejy 4214 ary manankery avy hatrany)

• **05/02/2020** : Fivoahan'ny didim-pintondràna fa atokana hanaovana asa fanasoavam-bahoaka (DUP), mahakasika ny faritra ilain'ny tetik'asa

• **17/02/2020** : Fanaovana taratasy fifanarahana amin'ny alalan'ny raharaham-pihavanana tsy misy arakaraka (Accord d'acquisition à l'amiable)

• **03/03/2020** : Fihaonan'ny Tale jeneralin'ny fanajariana ny tany (DGATE) sy ireo fianakaviana manana fananana voakasika ao anatin'ny faritra iasan'ny tetikasa

• **19/03/2020** : Fampilazàna sy fampahafantarana amin'ny alalan'ny peta-drindrina ny fanatontosana ny fanatontosana ny tohin'ny fandrefesana ny tany sy fanadihadihana ireo izay milaza ho tompony.

• **09/10/2020** : Notontosaina ny fanombanana ny fanonerana nataon'ny komity mpanombana ara-teknika « CAE ».

Nisy hatrany ny fanentanana sy fampahafantarana tamin'ny alàlan'ny firotsahana teny ifotony sy haino aman-jery niantomboka tamin'ny 2019 mba nahafahan'ireo mponina ety an-toerana miomana amin'ny fiantombohan'ny tetikasa.

## Ahoana ny fizotry ny asa ?

- Hajariana ny toeram-pandevenana fotaka
- Ho diovina ny lakandrano C3 ao Antananarivo Renivohitra
- Ho taterin'ny fiara lehibe ireo fotaka notsoahina tamin'ireo lakandrano ireo
- Halevina ao amin'ny toerana voajary ny fotaka mahatratra 115 000 $m^3$ eo ho eo

## Iza no handray anjara amin'ny asa ?

- Ny Ministeran'ny Fanajariana ny Tany sy ny Asa Vaventy MATP no Maître d'Ouvrage (MO) sy ny AGETIPA no Maître d'Ouvrage Délégué (MOD) manara-maso ny asa rehetra
- Ny BIODEV no Maître d'Oeuvre Institutionnelle et Sociale (MOIS) manao ny Tantsoroka ny lafiny ara-piarahamonina rehetra
- Orinasa iray sy Mpitao raharaha an-tsaina iray no hanantanteraka ny asa ety ifotony

## Ahoana ny mahakasika ny Décret d'Utilité Publique ?

DUP

- Ny asa hotanterahina dia manaraka ireo fepetran'ny hitsivolana laharana 62-023, tamin'ny 19 septambra 1962 mikasika ny fanesorana noho ny antony fanasoavam- bahoaka.
- Eo ihany koa ny didim-panjakana laharana 2020-084 tamin'ny 5 febroary 2020 izay ilazàna fa fanasoavam-bahoaka ireo asa amin'ny tetikasa PRODUIR ary koa ny didim- pitondrana mitondra ny laharana 7666/2021 tamin'ny 15 martsa 2021.

## Misy atahorana ve ho amin'ny fahasalaman'ny mponina manodidina ny fandevenana ny fotaka ?

- Tsy azo ivezivezena ny toeram-panatobiana : mifefy ny toerana ary voafehy ny fidirana sy fivoahana ao
- Hananganana tamboho mahatratra 2 metatra manodidina ny toerana
- Mijanona ny asa fanadiovana ny lakandrano C3 mandritra ny fahavaratra
- Misy lamina sy fitantanana ny toby : misy dingana arahina amin'ny famenoana ny lavaka
- Tsy mahazo ny nofon-tany ny ranom-potaka : misy akora (« géotextile ») manakana ny fotaka tsy hahazo ny nofo-tany. Misy « pompe » misintona ny ranom-potaka avy ao anaty lavaka mankeo amin´ny toerana fanadiovana
- Misy fitsirihina hatao matetika momba ny kalitaon'ny rano, ny rivotra sy ny tany


## Hatao inona io toerana io rehefa vita ny asa ?

- Ilay orinasa mananteraka ny asa no hitantana an'izany mandritra ny 2 taona
- Toerana tsy azo anorenana fotodrafitrasa io toerana io
- Hisy tetik'asa fanatsarana hotanterahina ambonin'ny toerana : zaridaina, fambolen-kazo...

## Inona no tokony hatao raha toa ka misy fitarainana na fanamarihana?

- Manatona ny biraom-pokontany na ny Komity Mpitantana ny fitarainana (CRL) ao amin'ny Kaominina dia mameno ny taratasy fitarainana mba ahazoana mandray an-tànana izany ·
- Na mifandraisa mivantana amin'ireo ekipa mikarakara ny tetikasa eny an-toerana (PFES/MOIS)
- Azo atao ihany koa ny manoratra mailaka amin'ny : doleances@produir-madagascar.mg

# IREO TOERANA
## HANATANTERAHANA NY ASA ETO IARINARIVO



# Inona avy ireo taratasy ilaina raha hisitraka ny fanonerana ireo olona voakasiky ny tetikasa

1

**Raha misoratra ara-dalàna ilay tany/fonenana :**

1. Certificat de Situation Juridique avant et après expropriation (Conservateur)
2. Lettre d'adhésion avec engagement à légaliser
3. Lettre de demande de paiement à légaliser
4. CIN certifiée des propriétaires
5. Procuration (Tribunal ou notaire)
6. RIB (Relevé d'Identité Bancaire, Banque)
7. Notification
8. Jugement relatif à la parcelle cadastrale (raha parcelle cadastrale)
9. Demande de l'extrait de l'état parcellaire
10. Attestation du service expropriant

2

**Raha tsy misoratra ara-dalàna ilay tany/fonenana**

1. Autorisation de construction, à défaut : Rôle impôts sur propriété bâtie / Facture JIRAMA
2. Certificat de propriété (Fokontany)
3. Certificat de résidence
4. Notification
5. Fiche d'Engagement
6. Photocopie CIN
7. RIB (Relevé d'Identité Bancaire, Banque)

3

Miara-dalana aminao hatrany ny MOIS amin'ny fandrafetana ny taratasy rehetra ilaina.

4

- Raha misy fitarainana, manatona ny Comité de règlement des litiges eo amin'ny biraon'ny kaominina
- Na mifandraisa mivantana amin'ireo ekipa mikarakara ny tetikasa eny an-toerana
- Azo atao ihany koa ny manoratra mailaka amin'ny : doleances@produir-madagascar.mg

# Fantaro ireo tombontsoan'ny tetikasa

**500 000**
no isan'ireo olona eto an-tanàndehibe ho hihatsara ny farimpianany

**112 000**
no isan'ireo olona hisitraka ireo toeram-pidiovana manara-penitra

**43 500**
ny olona hisitraka ireo foto-drafitr'asa vaovao izay voatokana hiarovana amin'ny tondra-drano

**60 000**
ny asa vonjimaika hoforonina isan'andro

## SINGA MAHAKASIKA FIKARAKARANA NY RANO

**17 km**
ny lakandrano sy tohadrano averina amin'ny laoniny eny amin'ny lakandrano C3

**18 km**
ny lalan'ny mpandeha an-tongotra hamboarina manaraka ny lakandrano C3

**Fokontany 20**
no anananana drafitra vonjy maika ary nandrafitra paikady hahafahana mihatrika ny loza

**6 km**
ny lalana amboarina sy havaozina

**115 000 m³**
ny fotaka ho esorina ao amin'ny lakandrano C3

## SINGA ETO AN-TANADEHIBE

**Voavola ny fenitra**
mifehy ny drafitry an-tanàndehibe

**Ireo mpifanolobodirindrina**
amin'ny toerana marefo no nirotsaka ao anatin'ny asa fanamboarana

**Ny fotodrafitrasa madinika sy ny fampandrosoana ny tanàna**
dia natao ho laharam-pahamehana amin'ny faritra niasana

## FIAROVANA TONTOLO IAINANA SY FIAHIANA ARA-TSOSIALY

**Toerana 1 fanariana fako**
azo antoka handevenana ny fotaka avy amin'ny canal C3

**Toeram-ponenana 1 vaovao**
eo Andavamamba no ametrahana ireo mponina hafindra monina

**Fitaovana fiarovana ny tontolo iainana sy fiahiana ny ara-tsosialy napetraka**
( Rafitra fitantanana momba ny tontolo iainana sy ny ara-tsosialy - Rafitra politika momba ny famerenana ara-tsosialy - Fandinihana ny fiantraikan'ny loza voajanahary amin'ny tontolo iainana sy ara-tsosialy -Drafitra famerenana ny mponina )

## FAMPIHARANA NY FAHAIZA-MITANTANA

**100 %**
ny fitarainana momba ny hetsika dia voakarakaran'ny rafitra fitantanana fitarainana

**Voarafitra ny paikady**
sy drafitra ho fanatsarana ny fidiran'ny hetra ho an'ny Kaominina an'Antananarivo Renivohitra

**Fanamafisana sy Fananganana ny rafitra**

fanangonana fako teo amin'ny toerana hiasan'ny tetikasa

Kendrena ho 70 % ny taha-pahafaham-pon'ireo olona misitraka ny tetikasa

Fankatoavana ny paikadin'ny fitantanana ny fako eto Antananarivo


www.produir-madagascar.mg

Contact UGP PRODUIR : contact@produir-madagascar.mg

Bat ex-OTU - 316, rue Razakarivony Rodlish - Manakambahiny - Antananarivo 101